INBAR Technical Bulletin • #2



# PEPINIERA: fampiasana voany azahoana zanaka volobe

Madagascar

This project is funded by the IFAD

IFAD
Investing in rural people

This project is funded by the European Union

INBAR
INTERNATIONAL NETWORK FOR BAMBOO & RATTAN

**FAMPIDIRANA:**

Indray mandeha mamoa ihany ny volobe ary maty izy rehefa avy eo. Arakaraky ny karazany ny fotoana amoazany ka mety ho 3 ka hatramin'ny 120 taona izany. Fotoana fohy, iray na roa volana monja dia tsy afaka mitsiry intsony ny voan'ny volobe ka manasarotra ny fampiasana azy izany. Miovaova araka ny karazany ny habeny ka misy mitovy amin'ny akotry ary misy kosa mitovy amin'ny manga.

**TANY AMAFAZANA:**

Afafy amin'ny platibandy misy tany avoavo tsy iandronan'ny rano ny voa. Ny fangaron-tany ampiasaina dia tany tsotra 1, fasika 1 ary compost 1. Azo ovaina io fangaro io arakaraky ny karazantany ampiasaina. Asiana alokaloka fa tsy avela amin'ny masoandro mivantana (ambany hazo na asiana fialofana).

**FANOMANANA MIALOHA:**

Tsara raha tonga dia afafy ny voa rehefa avy nangonina fa tsy iandrasana ela. Arakaraky ny maha el any fiandrasana no maha betsaka ny voa maty. Alohan'ny amafazana azy dia azo atao ny mandona ny voa anaty rano mandritra ny alina. Esorina izay voa mitsingevana ka izay voa milentika ihany no ampiasaina.

## Ny dingana arahina

Manorita lavaka lavalava marivo amin'ny tanana na hazokely (~5 mm ny halaliny).



Arotsahy anaty lavaka ny voa. Aza avela hisy latsaka ivelan'ny lavaka.



Totofy ny lavaka rehefa voafafy ny voa amin'ny tany niala tamin'ny lavaka.



## Dingana arahina (tohiny)

Tokony atao mando foana ny taninjanakazo ka tokony tondrahana isan'andro arak'izany.



Mitsiry ny voa afaka dimy na fito andro ka hatramin'ny fa 25 andro. Afaka afindra anaty pôt plastika ny zanakazo rehefa misy ravina 4 na 6.



Tokony hitovy ny habetsaky ny tany sy fasika ary zezipahitra atao anaty pôt plastika (1:1:1). Raha efa tany fasehana kosa dia tsy asiana fasika intsony fa ampiana zezipahitra ampahatelony (3:1)





Fenoy tany efa vita fangaro aloha ny pôt plastika zay vao afindra ny zanakazo. Tondray rano avy eo mba hifitsaka.



## Dingana arahina (tohiny)

Manaova lavaka kely amin'ny tanana na hazokely. Arotsahy ao ny fakan'ilay zanakazo. Somary tsindrio amin'ny tanana ny tany manodidina . Ny halehiben'ny pôt plastika dia tokony ho 15x20cm farafahakeliny.




Atao ambanin'ny alokaloka (50 na 75%) na ambanin'ny hazo ny zanakazo mandritra ny iray na roa volana alohan'ny ametrahana azy amin'ny masoandro mivantana.



Mba hampaniry tsara azy dia mila tondrahana isan'andro ary avaina matetika.



Zanakazo feno sivy volana no tena tsara entina hovolena.





*Ny famokarana Ito boky ito dia nahazo ny fanohanan'ny Vondrona Erôpeana sy Tahiry Iraisampirenena ho an'ny Fampandrosoana ny Fambolena.Ny votoatin'ity boky ity dia andraikitry ny INBAR samy irery ary tsy mamatotra ny Vondrona Erôpeana sy Tahiry Iraisampirenena ho an'ny Fampandrosoana ny Fambolena*

*Ny famokarana Ito boky ito dia nahazo ny fanohanan'ny Vondrona Erôpeana sy Tahiry Iraisampirenena ho an'ny Fampandrosoana ny Fambolena.*

Raha mila fanazavana fanampiny dia antsoy ny:


INBAR secretariat:
No. 8, Fu Tong Dong Da Jie, Wang, Jing Area, Chaoyang District, Beijing 100102 , P.R. China
Telephone: +86-10-6470 6161, +86-10-8471 3337, +86-10-6471 7108
Fax: +86-10-6470 2166 | Email: info@inbar.int